Miarahaba anareo amin'ny Anaran'ny Tompo izahay eto amin'ny F.J.K.M AMBOHIDAHY FANAVAOZANA.
Nisy e-mail nalefanay taminareo ny 30 oct 2012 lasa teo ka tsy hainay na efa voarainareo na tsia.
Mirary soa no manao veloma anareo amin'ny Anaran'ny Tompo.
Christian Rakotomanga
Biraon'ny Fiangonana
034 22 00 344

projet@fkmsm.ch Ajouter aux contacts
À titangroup@hotmail.fr, nampionona@yahoo.fr, fathersaka@yahoo.fr

De : **projet@fkmsm.ch**
Envoyé : sam. 21/07/12 11:54
**À :** **titangroup@hotmail.fr; nampionona@yahoo.fr; fathersaka@yahoo.fr**

**Ho hampitomboina minareo mandrakariva anie ny fahasoavan'ny Tompo,**

**Ry havana,**

**Misaotra fa voarainay ny fangatahana nalefanareo, ho dinihina tsy ho ela eo anivon'ny komitin'ny tetik'asa sy ny komitin'ny FKMSM izany. Tianay ny milaza fa ny tetik'asa mifanaraka amin'ireto fepetra ireto ihany no tohanan'ny FKMSM :**
**a). Tetik'asa tsy manavaka finoana, foko, fihaviana na firehana politika,**
**b). Tetik'asa manampy ny sahirana sy manatsaratsara ny fiainana andavan'andro ho an'ireo latsaka an-katerena;**
**c). Tetik'asa mitondra soa ho an'ny maro ary tsy voafetra ho an'ny antokon'olona vitsivitsy, mikasika olona betsaka, mivelatra eraky ny nosy sy ny antokom-pinoana rehetra;**
**d). Tetik'asa ahafahana mahita miavaka ny fandraisan'anjaran'ny FKMSM, araky ny "devis détaillé" izay tsy maintsy alefan'ny mpangataka fanampiana;**
**e). Tetik'asa mifanaraka amin'ny ho enti-manana ao amin'ny FKMSM.**
**Amin'ny fanapahana ny tetik'asa hotohanana dia ny tetik'asa madinika (micro-projets) no omena toerana bebe kokoa noho ny tetik'asa goavana (projets pharaoniques de centaine de millions Ariary).**

**Fanampiny :**

**Fisian'ny olona aty Soisy na any Madagasikara izay afaka hiantoka sy hanara-maso ary eken'ny FKMSM.**
**Faran'ny fandraisana fangatahana : 31 Oktobra (par email), na taratasy.**
**Fanomezana valiny avy amin'ny FKMSM : manomboka ny 30 Novambra.**
**Fandefasana tatitra voalohany momba ny fandrosoan'ny asa notohanana : 1 Jiona.**

**Ireto ny lisitry ny zavatra ilaina :**
**- Mila ny anaran'ny tompon'andraikitra handefasana ny vola (ohatra ny anaran'i filoha ny fiangoanana ohatra, na Pastora, sns …).**
**- Mila ny adiresy mazava sy ny n° ny compte handefasana ny vola.**
**- Mila vinavinan'asa (devis) mazava tsara (détaillés).**

**Manentana anareo anefa izahay mba hijery ireo tetik'asa notohananay ao amin'ny site internet projet.fkmsm.ch mba hahafantaranareo maka hevitra bebe kokoa ny mombamomba izany. Ho hitanareo ao indrindra koa ireo fanampin'ny fepetra rehetra ilaina izay hahafahana mangataka fanampiana avy amin'ny FKMSM. Ny fanampim-panazavana dia azonareo angatahina amin'ny alalan'ny fandefasana mailaka (e-mail) amin'ny adiresy comite@fkmsm.ch.**

**Dia manao veloma finaritra anao, Tompoko, ary mirary soa anao eo ambanin'ny fiarovan'ny Tompo.**

**Ny komity FKMSM**

F.J.K.M AMBOHIDAHY FANAVAOZANA

S/P IARIVO AVARADRANO

°°°°°°°°°°°°°°°

Ho an'ny Filoha sy ny Komity eto
anivon'ny F.K.S.M

Antony: Fangatahana fanampiana.

Ry Havana,

Hampitomboina ho aminareo hatrany anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Raintsika sy Jesoa Kristy Tompontsika.

Araka ny taratasy izay nalefanay taminareo ary nanehoanareo ny famaliana izany ny 21 Jolay 2012 milaza indrindra ireo fepetra izay takianareo ho amin'izay mety ho fanampiana tokony hatao.

Mamelà anay ianareo mba hilaza fohifohy mikasika indrindra ny asa izay tanterahinay ankehitriny:

Ny F.J.K.M AMBOHIDAHY FANAVAOZANA dia Fitandremana ao anatin'ny Fiangonan'I Jesoa Kristy eto Madagasikara, ao anatin'ny Synodamparitany faha 19 : Synodamparitany Iarivo Avaradrano. Miala 15 Km ny Renivohitra Antananarivo no misy azy , ao anatin'ny Fokontany : Ambohidahy.

Miisa eo amin'ny 2000 eo ho eo ny mponina ao amin'io Fokontany Ambohidahy io ary tsy misy afa-tsy ny F.J.K.M AMBOHIDAHY FANAVAOZANA ihany no Fiangonana miorina eo amin'io toerana io. Manodidina eo amin'ny 500 hatramin'ny 700 eo ho eo no isan'ny mpivavaka raikitra eo anivon'ny Fiangonana. Toerana izay mbola tsy misy jiro fa efa misy rano kosa ho an'ny daholobe.

Nandray ny fanapahan-kevitra ny faraparan'ny taona 2010 ny Fiangonana manontolo fa hanatanteraka ny asa fanitarana ny trano Fiangonana.

Koa , taorian'ny fijeren'ireo Teknisiana dia natao ny devis mety hahavitana izany asa izany.

Toy izao sary hitantsika izao ny trano Fiangonana izay niorina ny taona 1882 taorian'izay mety ho endrikendrika samihafa nanaovana ny fanatsarana sy ny fanamboarana.

Marihinay fa nankalaza ny faha 130 taonan'ny Fiangonana ny Fiangonana tamin'ity taona 2012 ity ary tsangambato lehibe ho amin'izany ny asa fanitarana ny Fiangonana: satria naira-nahatsapa ny rehetra tamin'ny fandraisana ny fanapahan-kevitra ny faraparan'ny taona 2010 fa manomboka tsy omby intsony ny trano fiangonana izay mahazaka olona eo amin'ny 500 isa eo ho eo.

Najoro ny birao sy ny komity ho amin'izany asa izany izay namolavola ny fomba sy ny tetika rehetra eti-manatanteraka ny asa.

Toy izao hitantsika amin'ny sary izao ny fanompoam-pivavahana ho **fanombohana ny asa sy ny fiadiana ny fototra voalohany ny asa fanitarana ny Asabotsy faha 18 Jona 2011.**

Ny mitarika ny fanompoam-pivavahana sy ny miady ny fototra dia tsy iza fa Ramatoa RAVAOARINJATOVO Hanitriniaina Ndroso, Mpitandrina izy no mitandrina eto amin'ity F.J.K.M AMBOHIDAHY FANAVAOZANA ity.

Tsy omby tratra ny hafaliana teo amin'ireo mpivavaka teto amin'ity Fiangonana ity ny andron'ny fotoana izay niadiana ny fototra ho amin'ny fanitarana.

Nandray anjara avokoa na ny lehilahy na vehivavy na ny ankizy, mbola hita taratra teto ny firaisankinan'ny Malagasy izay nahatsiarovana ny fitenindrazantsika hoe: " Ny tao-trano tsy efan'irery"

Vita ny fiadiana sy ny fanaovana ny fototra ary voatery tsy maintsy niroso tamin'ny fanaovana ny rindrina ny Fiangonana teo nefa no nitsirian'ny hevitra ny amin'ny hoe mba hahakely kokoa ny fandaniana dia andeha isika hanao biriky, koa toy izao ny sary maneho izany nanomboka ny volana Aogositra 2011.

Rehefa vita ny fandatsahana ireo biriky dia niroso tamin'ny fandoroana biriky ny Fiangonana ka hitantsika amin'ny sary voalohany eon y vadin'ny Mpitandrina izay Mpitandrina ihany koa no asany izay mitandrina ny F.J.K.M AMBOHIMIARAMASOANDRO TEMPOLY MALALA izay 6 Km miala an' Ambohidahy.

Ny Mpitandrina NANDE André izay vadin'ny Mpitandrina RAVAOHARINJATOVO Hanitriniaina Ndroso.

Ny Mpitandrina NANDE André izay niverina nanohy ny fianarany eny amin'ny Faculté de Théologie Ambatonakanga mamarana ny fianarany haka ny "Maitrise" en Théologie ankehitriny.

Izy moa dia mifanohona hatrany amin'ny Fiangonana amin'ny fanatanterahana ny asa.

Dia toy izany koa moa ny Mpitandrina RAVAOARINJATOVO Hanitriniaina Ndroso amin'ny fifanampiany sy ny fiaraha-miasa amin'ny F.J.K.M AMBOHIMIARAMASOANDRO TEMPOLY MALALA, na eo amin'ny asa fitoriana ny filazantsara izany na eo amin'ny asa fanitarana ny Fiangonana satria efa miroso ho amin'izany koa moa ny Fiangonana any antoerana.

Toy izao sary manaraka izao no sarin'izy mivady tamin'ny fitokanana ny Mpitandrina RAVAOARINJATOVO Hanitriniaina Ndroso.